


ALAHADY FAHA 27 MANDAVANTAONA - B



“Koa aoka izay nakamban’Andriamanitra tsy hosarahin’olombelona “ (Mk. 10, 9)

Ry Kristianina havana, amin’izao Alahady tsotra faha 27 mandavantaona izao dia anatin’ny volana oktobra isika izay hibandinantsika sy handalinantsika miaraka amin’i Masina Maria amin’ny alalan’ny raozery ireo mistery efatra ny mistrin’ny famojena dia ny misterin’ny fahatongavana ho nofo, mistery faharoa mistery famirapiratana fahazavana, mistery izay I Md Papa Joany Paoly faharoa no namorona, mistery ibandinantsika ny asam-pamonjena notanterahan’I Jesoa rehefa nitoriteny izy, fahatelo mistery mampalahelo ibandinantsika ny fanolorantenan’I Jesoa ho fanavotantantsika ary fahaefatra ny mistry be voninahitra izay maneho ny fitsanganan-ko velona. Izany ny azo amintinana ny famonjena nentin’I Kristy izay banjinantsika manontolo raha manao Raozery isika izay

no mahasarobidy izao volan’ny raozery izao
hibandinantsika izany rehetra izany amin’ny alalan’ny
fanaovana ireo toko sapile miaraka amin’i Masina Maria.
Asaina koa isika hivavaka manokana ho an’ny
tanindrazantsika mba hitondra amin’ny
fandriampahalemana izao fididianana izao satria izay tokoa

Vakiteny I : Jen. 2, 18-24

Tononkira : Salamo 18

Vakiteny II : Heb. 2, 9-11

Evanjely : Mk. 10, 2-16

ny anjara toeran’ny raozery tamin’ny fotoan’andro ka tohizantsika sy asaina ataontsika na dia efa natao hatramin’ny voalohany aza ny fanajana an’i Masina Maria amin’ny fanaovana ny toko sapile izay manambara ny fiarahanan’ny anjely sy fihaonan’i Masina Maria tamin’ny rahavaviny dia i Elizabeta. Izany koa no nahatonga ny Eglisy nametraka ny anjara toeran’ny raozery rehefa misy ny vavaka iangavian’ny papa ho famonjena ny Eglisy izay noroban’olona ka nahatonga ny Papa ny antson’i Krsitianina miaraka tamin’i Masina Maria nitaloha famonjoena. Afaka tamin’ny

fanapotehana ny Eglisy tamin'izay. Maniry isika ho taranaka mpanorina, fantantsika ny zavatra mianjady amin'ny firenentsika, izao volana oktobra izao dia hivavaka manokana isika ho an'ny firenentsika ity mba hiroso amin'ny tena fampandrosoana marina tokoa dia ny fampandrosoana ny maha olona ny malagasy tsirairay. Hiaraka amin'i Masina Maria isika hivavaka sady volan'ny raozery no volan'ny misiona rahateo. Iombonantsika koa amin'ny sinoda any Roma izay handinhana ny mikasika ny tanora, ny vocationn' ny tanora sy ny fomba hahafahana mandalina kokoa ny fiainan'ny tanora ka hahazoany fivelarana bebe kokoa amin'ny fianany ny amin'ny tontolom-piaianana sy ny tontolom-pinoana ka hiaraka amin'i Masina Maria isika amin'izao famakivakiana ny volan'ny raozery izao. Inty oktobra ity koa dia volana manokana ho an'ny misiona, ary amin'ny faha 21 ny volana oktobra no ankalazana ny Alahadin'ny misiona. Isika vita batemy rehetra no voakasika ny momba ny misiona. Izany no mahatonga antsika ho génération mpanorina Eglisy tranon'Andriamanitra izay tranobe iombonantsika ka hikolokolo sy hiaro azy satria maro ny zavatra manapotika azy. Mahatonga antsika koa ho génération mpanorina ka ho Eglisy Olona Velona. Izany no maha iraka antsika eo anivon'ny fiaraha-monina sy ny fianakaviana ary ny firenena. Misionera isika vita batemy jiaby

Ny atao hoe Kristianina dia tsy hoe mahalala ankandrina an'i Jesoa fotsiny fa raha mino azy isika dia izy no Andriamanitra sy mpampianatra, izy no lèlana sy fahamarinana ary fiainana, izy no tompon'ny fiainantsika izany hoe Kristy velona isika amin'izao andro ianantsika izao. Tsy amin'ny teny ataontsika fotsiny ny maha Kristianina antsika fa amin'ny fiainantsika dia ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro ka mahatonga antsika tsy maintsy hametraka safidy na hanaraka ny fampianaran'izao tontolo izao izay mahatonga antsika hiavonavona, hanana hambombo, tsy mifanaraka ka mahatonga ny fanilikilihana, ny fialonana, ny fanapotehana. Fantaro fa raha ny fitiavantena no hampanjakany voalohany, sy tadiaviny dia izy no hanjakazaka eo amin'ny fiainantsika ka manjary mifanapotika isika amin'ny tontolom-piaianana sy tontolom-pinonatsika fa raha Andriamanitra no safidintsika dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny lèlana sy fahamarinana izay ampianarin' Kristy ny fiannantsika.

Ny tenin'Andriamanitra amin'izao Alahady izao dia misarika ny saintsika hanao an'izany safidy tsara izany dia ny fampianaran'i Kristy satria matetika noho ny hamafin'ny fontsika dia ireo voatanisa teo no mitondra amin'ny fanapotehana. Izany no nahatonga an'i Jesoa raha nanatona azy ireo farisianina nanontany mikasika ny fanambadiana "*Mahazo misao-bady va ny lehilahy?*" Nilaza mazava i Jesoa fa noho ny hamafin'ny fonareo no nahatonga an'i Moizy nananteraka an'io lalàna io, tsy hoe io ny lalàna noharian'Andriamanitra antsika." *Fa hoy kosa i Jesoa: "Ny hamafin'ny fonareo no nanoratany izany didy izany ho anareo. Fa tamin'ny niandohan'izao tontolo izao, dia lehilahy iray sy vehivavy iray ihany no nataon'Andriamanitra; noho izany dia handao ny ray amandreniny ny lehilahy, ka hikambana amin'ny vadiny, ary ho nofo iray ihany izy roroa; koa tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Koa aoka izay nakamban'Andriamanitra tsy hosarhin'olombelona"*

Ry Kristianina havana, ny fototry ny maha olona dia ny fanambadiana izay mifototra amin'ny fo. Ny fontsika no tsy maintsy miova raha tiantsika hiova ny tontolo ianantsika, ny tontolom-piaianantsika sy ny tontolom-pinoantsika ka izay no tanjonaianantsika eo anivon'ny fanambadiana. "Ny fanambadian-ko namana" araky ny voalazan'ny razantsika, izany hoe mitovy zo sy hasina ka mifanaja, raha ny fahafinaretana ampianaran'izao tontolo izao ka tafiditra ao ampontsika ao dia

manjary fitaovana fa tsy namana intsony ilay ankilanao satria hitadiavanao ny fahafinaretana fotsiny, izany no mahapotika matetika ny fanambadiana raha tsy mifototra amin'ny FO, tsy ilay tova fa ny mahaolona ny olona. Izany no mahatonga ny fiteny hoe "sitrapo". Ny fanambadian-ko namana hananana taranaka fara amandimby, izay no naharian'Andriamanitra antsika tamy voalohany ary fantatry ny razantsika izany fa ny hamafiny fontsika no mampiova an'izany ka nahatonga an'I Jesoa nametraka amin'ny toerany ny fanambadiana ho an'ireo nanontany azy.

Maro ny zavatra potika amin'ny fiainantsika raha rava ny fanambadiana satria nohariana ho fianakaviana ao amin'Andriamanitra isika. Ho fianakaviana iray ao amin'Andriamanitra.

Fanontaniana mipetraka voalohany ahoana ireo tokantrano rava, ahoana ny momba ireo voatokana sy ny pretra ?

Momba ny tokantrano rava dia mila fandalinana sy fiara-midinika araka ny tranga, mila accompagnement izany hoe mila fiarahandia eo anivon'ny fiaianan'ireo tokantrano sahirana ny fiainantsika, miara-dia satria miankina amin'ny zavatra maro samihafa no mahatonga ireny faharavana ireny nahatonga ireny "divorcés remariés". Io no nahatonga ny Papa nanao fanentanana exhortation apostolique momba ny fianakaviana ka noho izany dia mila accompagnement ny toe-javatra misy manoloana ny fanambadiana. Tsy hoe fanaratsiana fa araky ny hafatr'i Jesoa ao amin'ny Evanjely dia tsy maintsy misy izany fanovana sy fiovam-po mahery vaika mikasika an'izany "divorcé remarié", tokantrano sahirana hoy isika. Ahoana ny momba ny tokantrano imaso, raha tsy misy empechement (sakana araky ny lalàn'ny Eglisy) izy ireo dia tokony hamporishina hiroso amin'ny sakramentan'ny mariazy. Tsy tokony hampatahotra antsika ny fanambadiana satria noharian'Andriamanitra ao anatin'ny fanambadiana ny olombelona ka ilaina ny tsodrano amin'ny alalan'ny sakramentan'ny mariazy. Io no hany sakramentana ifanomezan'olona fa tsy omen'ny Pretra raha oharina amin'ny sakramenta rehetra satria amin'ny mariazy dia vavolombelona manokana ihany ny pretra manamasina azy fa tsy izy no manolotra ny sakramenta fa ny mpivady no mifanolotra ny sakramenta ka izany no maha fahasoavan-dehibe io sakramenta io. Toa ny sakramenta rehetra dia varavarana misokatra amin'ny fiainana vaovao. Izany tokoa ny sakramentan'ny mariazy ho an'izy mivady sy taranany

Ahoana àry ny momba ireo voatokona sy ny pretra, maninona tsy manambady ?

Famantarana ihany koa ny fanambadiana hitantsika ao amin'ny Efezianina, mistery lehibe hoy Md Paoly mikasika ny Eglisy sy ny fifandraisana amin'i Jesoa, izany koa ny momba ireo voatokana sy ny pretra, ny "célibat consacré" dia fiombonana amin'i Jesoa ka noho izany dia fitiavana anankiray no loharano sy fototry ny fanambadiana sy ny fanokantena ao amin'Andriamanitra. Miankina amin'ny "fidelité", miankina amin'ny fifikirana amin'ilay tiana, miankina amin'ny tsy fivadihana, izany no fampianarana fototra tian'i Jesoa ampitaina amintsika amin'izao Alahady faha 27 izao. Fantantsika fa ny fidelité » dia teny mitovy fototra amin'ny "foi et confiance". Miankina be dia be amin'ny finoana ny fandraisana an'izany rehetra izany. Ny finoana no hahafahantsika mifikitra amin'izay tiana ka ny fitiavana araka ny averimberintsika matetika dia ny fahafoizana, fandraisana an'izay tiana araka ny maha izy azy ary fanolorana ny maha izy azy ny tena ho an'izay tiana. Izany no mahatonga ny hoe na inonkidona na inonkihatra, teny atao amin'ny fifanolorana ny sakramentan'ny mariazy

Hiaraka mivavaka isika mianakavy ho an'ny fianakaviana, hivavaka ho an'ny tanora amin'izao fotoana hanaovana ny sinodan'ny tanora any Roma izao, hivavaka ho an'ny tanindrazantsika ity. Raha ny vakiteny mitohy amin'izao mandavantaona izao no tanterahintsika miaraka aminny fampianarana tamin'ny Alahady lasa teo dia manamafy ny voalazan'i Jesoa raha nandray ny zazakely izy ka nilaza hoe « na iza na iza tsy miova tahaka ny zazakely dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra ». Aoka isika hanana ny toetran'ny zaza raha te hiditra amin'ny fiainana maha kristianina, aoka isika haka tahaka ny toetran'ny zaza izay mifototra amin'ny zavatra telo :

Ny voalohany dia mahatoky ny Ray aman-dReny, io fitokisana io no fototry ny finoana. Mahatoky ny an'Andriamanitra Ray isika, hahatoky an'izay tiavintsika ka hifikitra aminy.

Ny faharoa dia tsotra amin'ny fiainana ny zaza, tsy misy fitapitaka na lainga na risoriso fa marina ny zaza. Antoky ny fiainan'ny fianakaviana ny fahatsoram-po ka halaintsika ~~ny maka~~ tahaka ny zaza. Matoa i Jesoa nanao ny fandraisana zazakely io dia ny mba hanoro lèlana antsika.

Ny fahatelo amin'ny toetran-jaza tsara hananantsika dia ny fitiavam-bavaka mitodika amin'Andriamanitra. Fantantsika fa ny zaza izay tsy tia fitapitaka dia mijoro ao anatin'ny fitiavana ka izany no mahamarintoetra ny fiainam-pianakaviana. Manana "fo madio" ny zaza ka sambatra mahita an'Andriamanitra.

Ry Jesoa Tompo ô ampianarinao anay tokoa fa ny fanambadiana no fototry ny fianakaviana, ny hazo ho vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara, ny fianakaviana no fototry ny fiainana fiarahamoina sy ny Eglisy ka mivavaka ho an'ny tokantrano rehetra erantany izahay mba hanjaka ny fifampitokisana, ny fifankatiavana, ny fahatsorana ao anatin'ny fahamarinana. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson